**Kalendrie 2019**

**Fanomezana taombaovao avy amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao** 4 5


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 26 janoary 2019 Laharana 866 Vidiny : 400 Ar


**Deoteronomia 13:1** 8

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 105), Madagasikara 23 janoary 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Asaramanitry ny Vondrona TIM.K25** 2

# Misy fetrany ny fandeferana



**26 janoary 2009** 2

# Rajoelina no anisan'ny fositra



**TSIMIALONJAFY** 6

## Hita avokoa ireo razana tototra noho ny fihotsahan'ny tany



**Tampon-tanànan'i Betroka** 6

## Nifampitifitra ny zandary sy ny dahalo, 8 no maty

**Governemanta vaovao** 3

## Tsy misy ny fifandanjana ara-paritra

**Fambolena an-drenivohitra** 7

## EPP miisa 39 amin'ny 93 no efa nahazo fampiofanana

**Daka kely**

10 taona izao no nandravanareo ry Boaikely, tsy ho mpanangana mihitsy e !

**Minisitra Guy Rivo R.** 2

## Nahavita be nandritra ny enimbolana nitantanany



ASARAMANITRY NY VONDRONA TIM.K25

## Misy fetrany ny fandeferana

Notanterahina omaly antoandro tao amin'ny Magro Tanjombato ny fifampiarahabana nahatratrarana ny taona vaovao teo amin'ny Filoha mpanorina ny antoko Tiko i Madagasikara (TIM) Andriamatoa Marc Ravalomanana mivady sy ny zanany, sy ireo mpanohana azy mivondrona ao amin'ny Vondrona TIM. K25.



*Ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra teny amin'ny Magro Tanjombato omaly.*

Vory lanona tao avokoa ireo solontena avy any amin'ny faritra 22 eto amin'ny Nosy, sy ireo avy eto an-drenivohitra sy ny manodidina.

Nisy ny fotoam-bavaka lehibe nanombohana ny lanonana.

Nisongadina nandritra ny lahateny nifandimbiasana ny fandraisana ireo fankaherezana avy amin' ireo mpanohana, nosoloin'ny ministra Roland Ravatomanga tena, noho ny fandeferana lehibe nasehony teo amin'ny voka-pifidianana, izay tsy tamin'ny tokony ho izy, izay navoakan'ny CENI sy ny HCC, nandefitra tsy fidiny isika hoy ny mpandahateny. Ankoatra izany, nankahery ny filoha Marc Ravalomanana ho an'ireo mpanohana azy, nandefitra tamin'ny tsy fahamarinana nisy, ny tombontsoan'ny Malagasy no tsinjovina, tsy fitsaran' Andriamanitra no niseho fa fitsaran'olombelona hoy izy.

Tsy irery isika hoy hatrany ny filohan'ny Vondrona TIM.K25 fa eo akaikintsika lalandava Andriamanitra ary hankahery antsika izy. Miantso ny rehetra izay mbola te-hiditra amin'ity vondrona ity izy, izay vondrona na plateforme hoentina hiatrika ny fifidianana ho avy toy ny fifidianana depiote sy ny fifidianana ben'ny tanàna. Momba ny raharaham-pirenena dia nambarany fa misy fetrany ny fandeferana, mahakasika ny governemanta vaovao, vonona hiarahiasa ny TIM.K25 ho amin'ny tena fampandrosoana ny fiainam-bahoaka, ary aoka hoy izy hatsahatra ny fanenjehana sy ny fanagadrana ary ny fampihorohoroana noho ny hevitra tsy mitovy eo amin'ny lafiny politika. Tokony hatomboka hoy hatrany i Dada ny fampihavanampirenena tena izy.

Maro ny ezaka vita ny taona lasa, mbola maro ny adidy lehibe miandry mandritra ity taona vaovao ity, hiasa miaraka isika hoy hatrany Marc Ravalomanana, eo akaikinareo lalandava aho hoy izy.

Isaorana ny tsirairay tamin'ny fiarahana nientana nandritra ny fifidianana lasa iny, ary hamafisina izany amin'izao fiomanana amin'ny fifidianana solombavambahoaka ho avy izao. Nanentana ny rehetra izy hanamarina sy hiditra amin'ny lisi-pifidianana, raha indray mandeha no manta vary hoy ny filohan'ny Vondrona TIM. K25 tsy handevin-tsotrobe akory.

Nanipy teny izy ho an' ireo mpikarakara ny fifidianana CENI mba hanitsy ny tsy nety, toy izany koa ny HCC ary ny Governemanta mba tsy hitanila.

Vonona ny Vondrona TIM. K25 hifanome tanana amin'ny mpitondra hahatratrarana ny tanjona, ny hanala ny vahoaka ao anatin'ny fahantrana.

Nandritra izao ihany koa no nanambaran'ny filoha Marc Ravalomanana ny fiaraha-miory tamin'ireo traboina noho ny tany nihotsaka tetsy Tsimialonjafy-Ampamarinana, sy ireo tratry ny tondradrano tany amin'ny faritra maro manerana ny nosy.

Amin'ny maha-fifampiharabana noho ny Asaramanitra ny fotoana, nisy ny fanolorana fanomezana ho an'ny filoha Marc Ravalomanana mivady avy amin'ireo tonga nanotrona, nofaranana tamin'ny fiarahamisakafo fizarana ny nofon-kena mitam-pihavanana ny fotoana.

**Serge**

Minisitra Guy Rivo R.

## Nahavita be nandritra ny enimbolana nitantanany

Vita omaly ny fifamindram-pahefàna teo amin' ny ministry ny Indostria teo aloha Guy Rivo Randrianarisoa, sy ny minisitra vaovao hitantana ny minisitera indray, Rakotomalala Landisoa, tao Anosy. Maro ny zavabita hoy ny minisitra Guy Rivo Randrianarisoa no napetrakay nandritra ny enimbolana nitantanay ny minisitera toy ny famerenana ny orinasa SECREN, SIRAMA, SIRANALA, izay efa potika tanteraka teo aloha. Fiara vaovao miisa 15 no napetrakay ho ampiasain'ny minisitera. Ny zavadehibe ihany koa hoy izy dia ny fifampitondràna teo amin'ny mpiasa sy ny mpitantana : tsy nisy ny fijerena tavan'olona sy fanikikilihana ny hafa tsy mitovy firehan-kevitra politika. Tsy nitondra mpiara-miasa avy any ivelany aho hoy ny minisitra Guy Rivo Randrianarisoa fa ny tato anatin'ny minisitera ihany no niara-niasa tamiko, satria fohy ny fotoana. Ny firenena ihany koa no jerena na dia zoko tanteraka aza ny miasa miaraka amin'ny mpiray antoko amiko. Nitsodrano ny minisitra vaovao ity farany nandritra ny famindrampahefàna mba hahefa be amin'ny andraikitra sahaniny. Manomboka izao dia hiverina amin'ny maha solombavambahoaka azy i Guy Rivo Randrianarisoa rehefa niato nandritra ny 6 volana izany.



**Helisoa**

Kamboty noho ny fihotsahan'ny tany

## Hanampy an'i Angelo mandra-pahazoany bacc i Hery Rajaonarimampianina

Maro ireo tonga nidododo noho ny voina nihàtra tamin'ireo mponina tetsy Tsimialonjafy- Ampamarinana, tratra ny fihotsahan'ny tany, ka nahafatesana olona maro. Anisan'ny tonga nanatanteraka ny adidiny nitondra izay voatsirambin' ny tanany koa omaly ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina. Namoy ny Ray aman-dreniny sy ny anabaviny nandritra ny fihotsahan' ny tany teny Tsimialonjafy i Angelo. "Izaho irery sisa, ary mahatsiaro tena ho irery sy banga tanteraka aho! Tsy misy azo raisina intsony ny fitaovana entiko mianatra", hoy izy. Nanampy azy ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina ary hiantoka ny fianarany manontolo mandrapahavitany ny Bakalorea. Voin-kava mahatratra tokoa ka dia mbola entanina hatrany ny malala-tanana hanampy ireo traboina, na noho ny fihotsahan'ny tany izany, na noho ny tondra-drano ihany koa.



*Ny filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampianina, nanampy traboina noho ny fihotsahan'ny tany.*

**Ny Valosoa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

26 janoary 2009

## Rajoelina no anisan'ny fositra

Ny tantara tsy fanadino, 26 Janoary 2009 – 26 Janoary 2019, feno 10 taona katroka amin'ity andro ity izao ny nitrangan'ny zava-doza teto amin'ny firenena. Tsy inona izany fa ny herisetra nataona andian'olona nandoro sy nandroba ireo orinasa maro teto an-drenivohitra sy ireo haino aman-jery roa, dia ny RNM sy TVM, sy ny MBS teny Anosipatrana. Ny filoha ankehitriny Andry Rajoelina no anisan'ny fositra tamin'izany satria izy no nanome tsodrano ireo mpandoro sy mpandroba teo Anosy tamin'izany fotoana izany. Hetraketraka nokotrehina tao anaty fanonganam-panjakana. Hany ka lasibatra avokoa irero orinasan'ny filoha tamin'izany, Ravalomanana Marc, na ireo rehetra teto an-drenivohitra na tany amin'ny faritany rehetra. Ary tsy ny azy ihany fa ireo orinasa sy tranombarotra maro tsy miankina amin'ny fanjakana dia lasibatra avokoa. Tao anatin'izany no nisiana aina nafoy teny am-pandrobana ireo entan'olona, tao ny tototry ny gonim-bary, ny nozeran'ny zavatra maro samihafa, ary ny nampihorin-koditra ny nisian'ireo may kilan'ny afo. Tsy nisy fahadisoan'ny fitondrana tamin'izany ireny zavatra nitranga rehetra ireny, fa tena vokatry ny toe-tsaina ory hava-manan'ireo nikotrika ny hetraketraka sy ny mpanongam-panjakana, izay efa voalaza teo fa Andry Rajoelina mpanongam-panjakana sy ny forongony no fototr'izany rehetra izany. Araka ny fanadihadiana, nisy mihitsy ireo nibaiko ireo andian'olona handeha amin'ireo toerana nokendrena horobaina sy dorana. Ny mahavariana, dia misy manao fijery mivilana tanteraka ka nailika tany amin'ny fitondrana ho tsy nandray andraikitra tamin'izany. Kanefa raha niditra tamin'ireny ny mpitandro filaminana dia izay mihitsy ilay fikendrena hafa tiana nahatongavana tamin'ireny. Nampihanjahanja mazava ny fihetsika nataon'ireo nankahala ny filoha Ravalomanana iny andro « Alatsinainy maintin'ny 26 Janoary » iny. Ho an'ny mpandinika, dia tsotra ny fahitany ny toe-java-nitranga : « nodorana i Antananarivo» sy i Madagasikara ihany koa.

Hadisoana bevava teto amin'ny firenena izany n'inona n'inona fiarovan-tena amin'ny hoe "tolom-bahoaka" iny. Tsy azo lazaina ho izany iny ho an'ny mpahay tantara satria nisy ampaham-bahoaka marobe ihany koa tsy niombonkevitra tamin'ireo nanao hetsika fanapotehana firenena ireo, ary nikasa handrombaka ny fahefana tamin'ny alalan'ny hery. Ny Tolom-bahoaka dia tsy misy vahoaka marobe manohitra, fa na izy mitazana fotsiny na izy mangina. Tsy izany no nitranga, tsy adino fa nisy ireo vahoaka marobe naneho ny fanohanany ny filoha hatramin'ny farany teny lavoloha. Ary ny fisian'izay mihitsy no nahatonga ny firenena ho tafiditra tamin'ny krizy lalina nandritra ny taona maro. Nodian'ireo mpandrombaka fahefana tamin-kery nodian-tsy hita ireo vahoaka ireo fa toy ny azy irery ity firenena ity nandritra ny taona maro. Hadisoana lehibe niseho teto amin'ny firenena izany ary hipetraka ho tantarany ho fantatry ny taranaka fara aman-dimby. Misy ny mikendry hatrany ny hanamboamboatra izany tantara izany, hamadihana ny marina. Ireny olona ireny no tena fanetriben'ity firenena ity ka mahatonga azy hahantra sy ho mena-mitaha amin'ny firenenkafa mandraka ankehitriny. Ny mahalasa ny saina ihany koa dia tsy nisy fialan-tsiny, tsy nisy fifonana nataon'ireny olona nahatonga ny fahapotehana goavana teto amin'ny firenena ireny. Vao mainka aza nidehadehaka no nataon'ny maro tamin'izy ireo. Toe-tsaina manao ahoana loatra izany? …

**Sôh'son**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Governemanta vaovao : tsy misy ny fifandanjana ara-paritra

Voatendry ny governemanta voalohan'ny Repoblika IV andiany faharoa ary ny lehiben'ny tamin'ny natsangana hampandany an-dRajoelina Andry ihany no tafaverina. Tsy mahagaga loatra izany satria araka ny tombatombana dia kapiten'ny ekipa nitady ny fomba rehetra tsy namelàna ny marina nitranga momba ny hosoka sy hala-bato tamin'ny fifidianana ary niray tsikombakomba tamin'ny mpitsara ny lalao ity naverina amin'ny toerany ity. Mazava ho azy koa fa ireo akama niara-nihosona sy niara-nampiesona, na mivantana na ambadika tamin'ny tetezamita ny sasantsasany amin'ireo mpikambana. Ankoatra izany, raha tena dinihana ity governemanta mijoro ity, izay 22 no ministra ao anatiny dia tokony hanana minis-tra iray avy izany ny avy amin'ny faritra eto amintsika, heverin'ny filoha Rajoelina hatao 23 izany faritra izany ankehitriny, miampy ny Praiministra izany dia manome faritra 23, tokony hahazo ny anjara mofomaminy avy izany ireo faritra 23 ireo ao anatin'ity fahefana mpanatanteraka ity satria samy nanohana an-dRajoelina avokoa taminr'ny fifidianana. Tsy izany anefa no zava-misy fa tsy misy ny fifandanjana ara-paritra ao amin'izany governemanta izany, fa faritra na Faritany iray no tena mibahan-toerana amin'ireo olona voatendry ao anatiny. Ireo dia ireo akamakama. Efa manomboka miakatra ny feo amin'izao fotoana ho an'ireo avy any amin'ny faritra: milaza fa manana manam-pahaizana koa izahay aty fa tsy ireo ihany no tokony hitondra. Tantara mitohy io ho an'ny filoha DJ, mpanongam-panjakana. Ankoatra izany, nomeny herintaona ireto teknisiana sy politisiana ary politisiana sady teknisiana ireto hampiharany ny fahaiza-manaony, ka asa raha ampahafirin'ireo "vina nofy" no ho tanteraka. Ny mahamaika ny Malagasy amin'izao fotoana izao dia ny hiverenan'ny fandriampahalemana haingana satria vao mainka mirongatra ny fanafihana mitam-piadiana, ny ankizy tsy hita popoka, ny asan-dahalo. Anisan'ny maika ihany koa ny fampidinana ny vidim-piainana izay tsy mitsaha-mitombo. Efa miala any, hono, ny vary nafarana ka asa raha hampidina ny vidin'ity foto-tsakafon'ny gasy ity izany. Ny minisitry ny asa vaventy aloha dia tena tsy hatory andro aman'alina satria mampikaikaika ny mpampiasa lâlana ny fitohanana manenika ny tanàna, ka asa raha ho vita ato anatin'ny fotoana fohy ireo lâlana migodàna voarakitra amin'ireny horonan-tsary nidedadedahana nandritra ny fampielezan-kevitra ireny. Ny minisitry ny serasera vaovao indray dia efa fanta-daza eo amin'ity sehatra ity ary tena manan-kevitra sy manan-ko lazaina tokoa raha fitsikerana sy fanakianana ny toedraharaha eo amin'ny sehatra rehetra. Anisan'ny nampiaka-peo ihany koa momba ilay lalàna momba ny serasera (code de communication) izay marina tokoa fa nolanian'ny Antenimieram-pirenena an-kamehana, ka asa izay fanatsarana hoentiny amin'izao nahavoatendry azy ho eo amin'ity departemanta ity izao. Ny tena nanaitra ny maro dia ny naha lasa sekreteram-panjakana misahana ny zandarimaria ilay jeneraly nalaza dia nalaza lehiben'ny Emmo-Reg tamin'ny tetezamita. Iaraha-mahatadidy fa nisy sihosihon-dresaka fa ho eo ambany fiandraiketan'ny minisiteran'ny atitany ny zandarimaria ary tsy neken'ny zandary izany. Iaraha-nahatadidy ihany koa fa tsy nifidy olona nofahanana baomba mandatsa-dranomaso ity jeneraly ity, ka anisan'izany ny filoha teo aloha Zafy Albert. Lehiben'ny emoregy aza izy tamin'izany tsy nandray baiko na avy amin'iza na avy amin'iza, ka heverina fa amin'izao toerana misy azy izao dia hahaleo tena izy amin'izay rehetra tiany hampanaovina ny eo ambany fifehezany. Hita teny amin'ny manodidina ny Kianjan'ny 13 Mey izy tamin'ireny hetsika nataon'ny K25 momba ny fitakiana ny fahamarinana ireny, ka nahatonga ireo miaramila sy zandary ary polisy namahana baomba mandatsa-damomaso ny mpanao fihetsiketsehana. Ho porofoin'ny ho avy ihany na halalaka tokoa ny fanehoan-kevitra amin'izao fitondrana izao satria izay no fototry ny demokrasia izay toa tsy afaka miara-dàlana amin'ny fanjakana tandalàna raha ny tranga aty Afrika no jerena. Olana iray tena manahirana ny vahoaka tato anatin'ny folo taona ny resaka fananan-tany satria manjakazaka tokoa ny mpanam-bola ka maka an-keriny ny tanin'olona izay manana taratasy ara-dalàna kanefa dia roahina eo amin'ny taniny. Asa raha hampanjaka ny marina sy ny rariny ny minisitry ny fanajariana ny tany na mbola hanome vahana ny mpanao tsindry hazo lena ihany. Tontosan'ny gavernemanta Ntsay Christian an-tsakany sy an-davany, hono, ny iraka nampanaovina azy tao anatin'ny enim-bolana teo ho eo, na dia governemanta niaraha-nitantana aza izany, ka mety hahomby bebe kokoa amin'izao satria efa tsy hisy hamalan-kira intsony, angamba.

***Andry Tsiavalona***

Fort Dauphin

## Maty ny hazandrano vokatry ny rano maloton'ny QMM

Maty ny hazandrano vokatry ny rano maloton'ny QMM any Fort-Dauphin. Zary lasa resabe ary saika manerana ny tanànan'i Fort Dauphin ny tranga misy ao an-drenivohitra Anôsy. Tao anatin'ny andro nilatsahan'ny orana, maty avokoa ireo hazandrano ao amin'ny renirano Andrakaraka. Araka ny nambaran'ireo mpanjono sy ireo tompontany, fa vokatry ny rano maloto aparitakin ny Rio-tinto/QMM amin'ny renirano no nahatonga izany. Lany tamingana ny hazandrano. Tsy afa-manjono manao ny asany andavanandro ny mponina. Manoloana izany, tezitra ny mponina ary nanao tatitra avy hatrany amin'ireo manampahefana. Nanao toy izany koa ny Rio-Tinto/QMM, nandresy lahatra ny maha mîtombina ireo tsikera mavaivay. Ny ankilan'ny vahoaka miaradia amin'ny depiote Jerry Hatrefindrazana manenjika mafy dia mafy ny Rio-Tinto/QMM, niditra tamin'ireo onjampeo misy ao an-toerana. Navaivay ny tsikera ary tsy hanaiky ny fahafatesan' ireo hazan-drano ka miteraka fahasimban'ny asan' ireo mpanjono. Ny Rio-Tinto/QMM miezaka miaro sy manadio tena. Ny mampalahelo, tsy mivaky loha manoloana izao zavamisy izao ny ao amin'ny sampandraharam-paritra miandraikitra ny tontolo iainana.

***Mangarahara***

## SARIITATRA: Tsy ho vitan'ny filoha vaovao izany ny vina Miami




## NY TENY FIAINANA

*I Tantara 16:27*

*Famirapiratana sy voninahitra no eo anatrehany, hery sy hafaliana no ao amin'ny fitoerany.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fitadiavana seza, mpisolelaka miisa 10 000 eo tokony ho fongorina

**Guy Rivo Randrianarisoa :** ny manahirana sy tena olana rehefa misy fanendrena minisitra anie tsy dia ilay olona atao minisitra loatra fa ireo olona mpisolelaka amampolony na amanjatony izay miandry zavatra aminy.

Zavatra niainako tsy ela io. Olona tsy nifampiresaka taminao tany lasa mahafantatra anao tampoka eo daholo. Milaza ho namanao daholo. Hanao SG, Tale jeneraly, mpanolontsaina, sns sns… seza maro hafa azo hipetrahana. Avy eo....

Ireto izay tsy nahazo toerana, matetika izy rehetra toa lasa tsy namanao intsony indray ary tezitra mafy aminao mihitsy aza.

Ireo izay nahazo misy ny any dia tsy dia hita firy intsony fa mody mihodinkodina eo fotsiny.

Ary rehefa maheno fa hiala ianao dia tsy hita intsony mihitsy na antso finday aza... Tsy namany intsony indray aloha ianao.

Fehiny: tsy ny mpitondra no voatery ratsy fa misy mercenaires eto amintsika na iza eo, na iza eo, zareo foana no mifehy ny asa ambony eto amin'ny fanjakana.

Ireo olona ireo no mila fongorina sy hariana aloha. Misy eo amin'ny 10.000 eo hono izy ireo eto amintsika.

**Andrianjakarivony Manitra :** ilay toe-javatra tahaka ireo notantaraina ireo mihitsy no antony tsy mba nangatahako seza na maro aza ireo ministra sy ny namako avy amin'ny loko politika samihafa mitana toerana ambony eto amin'ny firenena ! Mila mianatra misolelaka aho angamba, sa aleo ihany amin'izao ?

**Smart Drag Randriarimalala :** otrany itako teo lavoloha ianao teo mr le minister. .. sa olona mitovy aminao iny?

**Claudette Rabefitiavana:** betsaka tokoa ny mpisolelaka amin'izao fiovana ministra izao, maro tokoa ireo mpitady seza mahay mamadibadika palitao.

## TONONKALO

### Mpitsara misy sorany

**(aingam-panahy ny 12 janoary 2019)**

Misy teny mihoatra hatrany
Tao anatin`ny kabariny.
Teny toy ny manambany
Nefa dia nahariharinv.

Teny toa mirefarefa.
(Mahalasa saina ihany !)
Tsy olonolom-poana anefa
No henonao niteny izany !

Toa natao fanahy iniana
(Teny ambany sy marivo ! )
Nefa nenti-nihantsiana
Ireto mponina eto Iarivo!

Asa tapitra fahaizana
Izy ilay niteny izany,
Sa nentanim-pahamaizana
Fa voavidy tany ho any ?

Moa ve zatra mitanila
Tsy mijoro am-pahendrena,
Hany ka mivaralila
Ny fiainam-pirenena ?

… Fa mpitsara "misy sorany",
Izay no hita eto amintsika.
Tsy ny didy no ifotorany
Fa kabary politika !

***DADAN`i ZINA (12-01-19)***

# 2019

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)



| Janoary | Febroary | Marsa | Avrily | Mey | Jona |
|---|---|---|---|---|---|
| 1 Tal Taombaovao | 1 Zom | 1 Zom | 1 Alt | 1 Alr Fetin'ny asa | 1 Asb |
| 2 Alr | 2 Asb | 2 Asb | 2 Tal | 2 Alk | 2 Alh |
| 3 Alk | 3 Alh | 3 Alh | 3 Alr | 3 Zom | 3 Alt |
| 4 Zom | 4 Alt | 4 Alt | 4 Alk | 4 Asb | 4 Tal |
| 5 Asb | 5 Tal | 5 Tal | 5 Zom | 5 Alh | 5 Alr |
| 6 Alh | 6 Alr | 6 Alr | 6 Asb | 6 Alt | 6 Alk |
| 7 Alt | 7 Alk | 7 Alk | 7 Alh | 7 Tal | 7 Zom |
| 8 Tal | 8 Zom | 8 Zom Andron'ny vehivavy | 8 Alt | 8 Alr | 8 Asb |
| 9 Alr | 9 Asb | 9 Asb | 9 Tal | 9 Alk | 9 Alh Pentekôsta |
| 10 Alk | 10 Alh | 10 Alh | 10 Alr | 10 Zom | 10 Alt Alt. Pentekôsta |
| 11 Zom | 11 Alt | 11 Alt | 11 Alk | 11 Asb | 11 Tal |
| 12 Asb | 12 Tal | 12 Tal | 12 Zom | 12 Alh | 12 Alr |
| 13 Alh | 13 Alr | 13 Alr | 13 Asb | 13 Alt | 13 Alk |
| 14 Alt | 14 Alk | 14 Alk | 14 Alh | 14 Tal | 14 Zom |
| 15 Tal | 15 Zom | 15 Zom | 15 Alt | 15 Alr | 15 Asb |
| 16 Alr | 16 Asb | 16 Asb | 16 Tal | 16 Alk | 16 Alh Fetin'ny Ray |
| 17 Alk | 17 Alh | 17 Alh | 17 Alr | 17 Zom | 17 Alt |
| 18 Zom | 18 Alt | 18 Alt | 18 Alk | 18 Asb | 18 Tal |
| 19 Asb | 19 Tal | 19 Tal | 19 Zom | 19 Alh | 19 Alr |
| 20 Alh | 20 Alr | 20 Alr | 20 Asb | 20 Alt | 20 Alk |
| 21 Alt | 21 Alk | 21 Alk | 21 Alh Paska | 21 Tal | 21 Zom |
| 22 Tal | 22 Zom | 22 Zom | 22 Alt Alt. Paska | 22 Alr | 22 Asb |
| 23 Alr | 23 Asb | 23 Asb | 23 Tal | 23 Alk | 23 Alh |
| 24 Alk | 24 Alh | 24 Alh | 24 Alr | 24 Zom | 24 Alt |
| 25 Zom | 25 Alt | 25 Alt | 25 Alk | 25 Asb | 25 Tal |
| 26 Asb | 26 Tal | 26 Tal | 26 Zom | 26 Alh Fetin'ny Reny | 26 Alr Fetim-pirenena |
| 27 Alh | 27 Alr | 27 Alr | 27 Asb | 27 Alt | 27 Alk |
| 28 Alt | 28 Alk | 28 Alk | 28 Alh | 28 Tal | 28 Zom |
| 29 Tal | | 29 Zom Fahatsiarovana 1947 | 29 Alt | 29 Alr | 29 Asb |
| 30 Alr | | 30 Asb | 30 Tal | 30 Alk Ascension | 30 Alh |
| 31 Alk | | 31 Alh | | 31 Zom | |



*Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary taona feno fahasalamana sy fahombiazana ho antsika rehetra*



# 2019 NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)



| | Jolay | Aogositra | Septambra | Oktobra | Novambra | Desambra |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | Alt | Alk | Alh | Tal | Zom Fah. Olo-masina | Alh |
| 2 | Tal | Zom | Alt | Alr | Asb | Alt |
| 3 | Alr | Asb | Tal | Alk | Alh | Tal |
| 4 | Alk | Alh | Alr | Zom | Alt | Alr |
| 5 | Zom | Alt | Alk | Asb | Tal | Alk |
| 6 | Asb | Tal | Zom | Alh | Alr | Zom |
| 7 | Alh | Alr | Asb | Alt | Alk | Asb |
| 8 | Alt | Alk | Alh | Tal | Zom | Alh |
| 9 | Tal | Zom | Alt | Alr | Asb | Alt |
| 10 | Alr | Asb | Tal | Alk | Alh | Tal |
| 11 | Alk | Alh | Alr | Zom | Alt | Alr |
| 12 | Zom | Alt | Alk | Asb | Tal | Alk |
| 13 | Asb | Tal | Zom | Alh | Alr | Zom |
| 14 | Alh | Alr | Asb | Alt | Alk | Asb |
| 15 | Alt | Alk Assomption | Alh | Tal | Zom | Alh |
| 16 | Tal | Zom | Alt | Alr | Asb | Alt |
| 17 | Alr | Asb | Tal | Alk | Alh | Tal |
| 18 | Alk | Alh | Alr | Zom | Alt | Alr |
| 19 | Zom | Alt | Alk | Asb | Tal | Alk |
| 20 | Asb | Tal | Zom | Alh | Alr | Zom |
| 21 | Alh | Alr | Asb | Alt | Alk | Asb |
| 22 | Alt | Alk | Alh | Tal | Zom | Alh |
| 23 | Tal | Zom | Alt | Alr | Asb | Alt |
| 24 | Alr | Asb | Tal | Alk | Alh | Tal |
| 25 | Alk | Alh | Alr | Zom | Alt | Alr Krismasy |
| 26 | Zom | Alt | Alk | Asb | Tal | Alk |
| 27 | Asb | Tal | Zom | Alh | Alr | Zom |
| 28 | Alh | Alr | Asb | Alt | Alk | Asb |
| 29 | Alt | Alk | Alh | Tal | Zom | Alh |
| 30 | Tal | Zom | Alt | Alr | Asb | Alt |
| 31 | Alr | Asb | | Alk | | Tal |





NY VALOSOA VAOVAO
Adiresy : lot T 70 Ankadindratombo
Tel. 034 79 076 00
www.gvalosoa.com gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
twitter : @nyvalosoavaovao

TSIMIALONJAFY

## Hita avokoa ireo razana tototra noho ny fihotsahan'ny tany

Ny sampana mpamonjy voinan'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA) dia mapahafantatra ny be sy ny maro fa ireo razana roa sisa nokarohina tototry ny tany tetsy amin'ny fokontany Tsimialonjafy Boriboritany faha-4 dia efa hita ny marainan'ny omaly zoma 25 janoary. Na izany aza, mbola mitohy kosa ny asa fanalana ireo ranontany. Tolorana fisaorana ireo rehetra nifanome tanana nandritra ny vonjy voina hoy ny lehiben'ny mpamonjy voina etsy Tsaralalana, kolonely Ramanoara Francky. Eto izy ireo dia mbola manentana hatrany ny tsirairay ho mailo mandrakariva ary hiala ny toerana ahiana mety mbola hisian'ny fihotsahana tany, misokatra amin'ny rehetra ihany koa ny laharana maintso 118, an'ny mpamonjy voina eto Antananarivo rehefa misy tranga mampiahiahy, antso maimaimpoana ny antso amin'io N°118 io.



*Ny lehiben'ny sampana mpamonjy voinan'ny CUA etsy Tsaralalana.*

***Ny Valosoa***

Boriboritany faha-6 (CUA)

## Nampitomboina avo roa heny fanadiovana tanàna noho ny fotoam-pahavaratra

Asa fanaon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) andavan'andro ny fanadiovana ny tànana. Nampitomboina ny ezaka fanadiovana amin'izao fotoam-pahavaratra izao, mba hialana amin'ny mety ho fahatsetsenan'ny lakandrano nohon'ny fako sy fotaka izay mety hivarina any anaty lakandrano. Araka izany, nanadio sy nanala ireo bozaka mitsiry teny amoron'ny arabe ny ekipa mpanadio sy teknika ao amin'ny boriboritany fahaenina omaly maraina, ka teny amin'ny fokontany Anosisoa, Ambohimandray, ary Ambodimita sy Antanety iny no nanaovana ny asa.

***Aly***



*Ny asa fanadiovana nataon'ny Boriboritany faha-6.*

Tampon-tanànan'i Betroka

## Nifampitifitra nandritra ny ora 6 ny zandary sy ny dahalo, 8 no maty

Niakatra tanàna, tao antampon-tanànan'i Betroka, faritra Anôsy omaly vao mangiran-dratsy, ny dahalo am-polony. Araka ny vaovao voaray, tamin'ny 1 ora maraina no nanafika ny tanànan'i Betroka renivohitry ny distrika ireo dahalo ireo, naharitra mandra-paraina andro ny fifampitifirana tao an-tsenan'ity tanàna ity, izay manakaiky ny tobin'ny zandarimariam-pirenena any an-toerana. Tamin'ny 7 ora maraina vao nitsahatra izany fifampitifirana izany, vokany: dahalo 8 no maty lavon'ny mpitandro filaminana, tao aorian'izay vaky nandositra ireo dahalo sasany naman'ireto maty ireto. Arak'izany voafehin'ny mpitandro filaminana sy ny fokonolona any antoerana ity resaka fifampitifirana tany an-toerana omaly ity. Nahatratra hatramin'ny fotoana efa nifohazan'ny olona arak'izany ny fifampitifirana, na izany aza, tsy nisy ny olon-tsotra maty na naratra tamin'izao tsy fandriampahalemana miseho lany any Betroka izao, izay tsapa fa tena sahy tokoa ireo dahalo manafika tanàn-dehibe toy izao.

***Ny Valosoa***

Antsirabe

## Raim-pianakaviana voadonan'ny fiara, hita faty teo amoron-dalana

Misesisesy sy mitohy ny fahafatesana hita eto Antsirabe tato ho ato. Hatreto aloha dia tsy misy hifandrasany amin'ny resaka nampisavorovoro nitranga teto Antsirabe izany saingy mampametra-panontaniana ny maro izany. Raha nitranga vao tsy ela dia nisy indray ny raim-pianakaviana iray hita faty ny marainan'ny omaly, teny Mahafaly Vatofotsy Antsirabe. Raha ny fanazavan'ireo nahita azy dia mbola nahateny izy talohan'ny nahafaty azy. Raha ny fahitana azy dia mety ho voadoan'ny fiara na moto ity lehilahy ity, ary nitsoaka izay olontsy vanona nandona azy teo. Raha ny fanazavana azo dia mbola nisy nahita velona soa amantsara tokoa io raim-pianakaviana tokony ho 40 taona eo ho eo io, ny maraina be ihany, ary mbola afaka niteny sy niangavy mba ho entina any amin'ny hopitaly fa voadona raha ny filazany. Nisy nanakisaka haka sisiny nanakaiky ny tamboho teo amoron-dàlana fotsiny anefa izy dia teo. Tokony ho tamin'ny 7 ora maraina, rehefa nisy nijery izy dia efa tsy nisy aina intsony noho io dona mafy nahazo azy io. Raha ny ratra hita taminy, dia nisy ratra ny tehezany sy ny tongony havanana, toy ireny niharan'ny dona sy nikisaka mafy tamin-javatra ireny. Nisy rà nivoaka ihany kao ny sofiny sy ny fitombenany. Ny fanazavana nomen'ny mpitsabo teo no nahafantarana, fa nisy fahavakisany ihany koa ny karan-dohany na tsy hita nisy ratra tety ivelany aza izany. Mety ho voahitsaky ny kodiarana ihany koa ny kibony, ka nahatonga io rà nivoaka tamin'ny fitombenany io. Olona mpiasa sy mpiambina tanànan'olona eo Mahafaly Vatofotsy ity raim-pianakaviana ity, ary eny Ambano Antsirabe II no tena misy azy sy ny vady amanjanany. Diso arak'izany ny resabe niely teto Antsirabe nampisavorovoro ny olona nilaza fa olona maty feno dian'antsy marobe ny vatany, tsy eo ny lelany sy ny hoe misy vaky be sy nisy naka ny tao anaty lohany. Efa teny rahateo ny mpitandro filaminana sy ny avy ao anivon'ny BMH nijery sy nahita ny tena zava-nisy.

***Solohery***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fy R

Tranga

## Olona tokony hanefa sazy, hita mivarotra eny antsena

Makarakara ve ny fonja dia inona loatra no tena asan'ny mpiandry fonja ao e? Resabe tao Betafo renivohitra tao, ary nahasorena ny mponina ny mikasika ilay jiolahy izay voarohirohy sy nahatrarana entana halatra, izay mbola tokony hamita sazy 20 volana any am-ponja, kanefa dia efa tafavoaka sy hitan'ny rehetra mirehareha sy mivarotra eny antsenan'i Betafo ny alarobia lasa teo. Raha tsiahivina kely, dia nisy zaikaben'ny fiangonana FIm Spam tany Betafo ny faramparan'ny taona 2018 teo. Ny tena olana, dia tsy vitan'ny hoe io izy mandehandeha mivarotra io fa mbola mirehaka sy manao vava amin'olona ihany fa tsy mahatazona azy ny fonja, ary porofo ny maha eo am-pivarotana azy. Ny tena ahiana , dia ny sanatria ny hisian'ny fitsaram-bahoaka. Sorena noho io zava-mitranga io mantsy ny maro ao Betafo ao, ary efa mandeha io resaka io sy ny hoe rehefa tsy hisy hahatazona azy dia aleo hanaovanay azy indray. Raha tsiahivina dia nisy fotoana nisesy ny vakitrano sy ny halatra nandritra izany ary lasibatra avokoa na ireo tompon-tanàna nandeha nivavaka sy namonjy izany fotoan-dehiben'ny FIm izany, na ireo olona maro izay nanofa trano satria avy any an-toerankafa namonjy io zaikabe io. Nanao ny asany ny mpitandro filaminana, ka nisy 2 voasambotra, ny iray dia efa mpamerin-keloka satria efa intelo nigadra. Tratra tamin'io indray anefa izy ary nahitana bisikileta maromaro sy vilany ary entana halatra maro tao aminy. Rehefa niakatra fitsarana dia io izy voaheloka 20 volana an-tranomaizina sazy mihatra io. Ny nahagaga, dia nafindra tany Betafo izy iray volana teo ho eo izay, raha tokony ho teto Antsirabe no nanefa ny saziny. Izy nafindra tany, an'ny tompon'andraikitra izany, fa rehefa tany Betafo, dia akory ny hagagan'ny fianakaviana izay niharan'ny vaky trano sy ireo olona tao Betafo fa io ilay rangahy tokony hanefa sazy fa mivarotra tsy amin'ahiahy eo an-tsenan'i Betafo. Nisy nampandre ny mpitandro filaminana, ary dia voatery nosamborina indray aloha ary haverina hatolotra ny fitsarana indray izy.

***Lezama***

Bemidin'ny polisy Antsirabe

## Mpivarotena 31 sy mpilalao rollers 35 no voasambotra

Ankizy sy tanora itony mpitondra roller, skate ary ireny kilalao tahaka ireny miisa ampolony no noraofin'ny polisy ny herinandro teo, tao anatin'ny hetsika manokana nataon'izy ireo, nohon'ny tsy fanajana ny fifamoivoizana aloha, sy ny fiarovana ny loza mety hihàtra amin'ireo ankizy ireo. Tsy mifidy fotoana, na toerana mantsy izy ireo fa hatreny anaty tsena sy eny amin'ny làlana isian'ny fahasahiranan'ny fifamoivoizana no hilalaovan'izy ireo izany. Tsy misangy fa izay tratran'ny bemidina, dia raofiny miaraka amin'ny fitaovana sy ny kilalao izay an'ireny ankizy sy tanora ireny. Isan'ny antony nandraisana izao fepetra izao ny fahafantarana fa efa nisy ankizy miisa 6 izany no naratra mafy sy naiditra hopitaly vokatry ny lozam-pifamoivoizana nilalao ireny kilalao ireny. Notsindrian'ity kaomisera Raolison Patrick, misahana an'Antsirabe ity, fa tsy fitaovam-pifamoivizana akory ireny fa arak'izay anarany izay, dia kilalao, saingy kilalao mbola manahirana ihany eto amintsika satria tonga eto ny fitaovana dia mampiasa sy maka tahaka fotsiny, fa na ny fotodrafitrasa na ny fitaovana fiarovana amin'ireny dia tsizarizary avokoa. Mikasika ny hoe toerana manokana tokony hilalaovana ireny, dia any amin'ny kaominina ny baolina mikasika izay, hoy hatrany ny fanazavana. Tsy miverina amin'ny tompony ireny kialalo ireny raha tsy tonga ao amin'ny biraon'ny polisy ireo ray amandrenin'ny ankizy ary omena fanentanana momba ny fiarovana ny ain'ireo ankizy ireo. Ankoatra izay dia mpivarotena, na mpampanofa fahafinaretina miisa 31, ihany koa no efa noraofin'ny polisy sy nanaovana fanadihadiana nandritra ny hetsika manokana efa nataon'ny teo anivon'ny polisy. Mbola mitohy io hetsika io, ka izay mpivarotena tratra sy nampiahiahy, indrindra amin'ny toerana somary mafampana amin'ny fanendahana dia nanaovana fandihadiana, niampy fanentanana avokoa.

***Solohery***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**19/01/19 hatramin'ny 26/01/19**

- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 866-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FAMBOLENA AN-DRENIVOHITRA**

# EPP miisa 39 amin'ny 93 no efa nahazo fampiofanana

Nifampizara traikefa momba ny tetik'asa fambolena an-dRenivohihtra ho an'ireo solontena avy eny anivon'ny EPP manerana an'Antananarivo, ny Sampan-draharaha misahana ny fambolena an-dRenivohitra avy ao amin'ny Tanànan'Antananarivo (CUA) tamin'ity herinandro ity. Tamin'ity andiany faha-2 ity dia solontena avy amin'ireo EPP 13 no nasaina teny amin'ny ivon-toerana fambolena zana-kazon' ny Kaominina teny Antanimena. Araka ny nambaran'ny Tompon'andraikitra iray avy eo anivon'ny sampan-draharaha misahana ny fambolena an-dRenivohitra dia natao ity tetik'asa ity mba ho fanampiana ireo « cantine scolaire » eny anivon'ireo EPP manerana ny Renivohitra, hahafahan'ny sakafon'izy ireo miovaova; ankoatra izay ihany koa dia natao izao mba ho fampianarana ireo ankizy hahay hikolokolo ny zava-boahary. Hatramin'izao dia EPP 39 amin'ireo EPP 93 manerana an'Antananarivo Renivohitra no efa nahazo ny fampiofanana, ka hampihàtra izany eny anivon'ireo sekoly fanabeazana fototra. Ity fiofanana ity dia mampianatra ireo solontena avy eny anivon'ny EPP manomboka amin' ny famafazana voa ka hatramin'ny fiotazana ny vokatra. Nilaza ny tompon'andraikitra fa fambolena biolojika avokoa no atao amin'ity tetik'asa ity ; nampianarina nandritra izany ny fomba famafazana voa , ny fikarakarana ny fambolena ary ny fiotazana azy, nampianarina nandritra izany ihany koa ny fanamboarana ny zezika « Bio ». Maro ny tombontsoa azo avy amin'ity fambolena an-dRenivohitra ity satria dia tsy misy ny fampiasana ny akora simika fa voajanahary avokoa, noho izany dia ara-pahasalama ny vokatra. Tsy mila velaran-tany lehibe ihany koa satria dia fitaovana plastika toy ny bidon, gony, kodiarana tsy ampiasaina intsony dia efa ahafahana hanaovana fambolena. Ary dia mazoto misakafo ihany koa ireo ankizy satria dia miovaova izany. Tamin' ity indray mitoraka ity aloha dia ny EPP no nomena tombony manokana kanefa dia misokatra amin'ny fiarahamiasa amin'izay rehetra te hiara-hiasa aminy ny Kaominina amin'ity tetik'asa fambolena an-dRenivohitra ity.

***Aly***



*Santionana fambolena an-drenivohitra nataon'ny mpianatra sy mpampianatra amin'ny EPP.*

Andranomanelatra-Antsirabe II

# Omby iray indray no azon'ny mpanao rainizavona


Nitrangan'ny halatr'omby rainizavona indray tao Andranomanelatra Antsirabe II ny fiandohan'ity herinandro ity. Omby vavy iray vao teraka vao haingana no azon'ireo mpangalatr'omby mpanao rainizavona. Ny rainizavona aloha, dia ilay omby alaina antsokosoko ireny ary vonoina eny an-tanety eny sy hakana ny hena sy izay ilaina amin'ny omby dia avelan'ny mpangalatra eo ny sisa tsy entiny. Fantatra fa omby avy ao amin'ny tanàna Andrefan'Andranomanelatra ihany no io nisy nangalatra io. Olona ireny mpikotrana maraina ireny no nahita azy io voalohany sy nampandre ny manodidina. Rehefa natao ny filazana, dia vetivety ihany dia fantatra ny tompony izay efa nikaroka rahateo, saingy dia io lohany sy ny hodiny ary ny tongotry ny omby io no tsy nentin'ny mpangalatra sisa, no novantanin'ny tompony teo. Tsy sambany fa vao tsy ela izay no nisy tahaka izany tao Andranomanelattra ary tsy lavitr'io toerana nahitana azy io ihany koa no namonoany ilay omby tamin'izay. Ity rainizavona ity, dia mazava fa tambazotra ary misy mpandraharaha na mpivaro-kena no ambadin'izany satria tsy hankaiza ireny omby sy hena halatra atao rainizavona ireny, fa eny ambony ankalana sy amidy ihany no tena hiafarany.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 267





**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0266)

***Mitsivalana***
- Mandresy
- Anarana
- Lay – Ny
- An – Banga (Miv)
- Fay (Miv) – Aato
- Hay (Miv) – Ta (Miv)
- Alamino

***Mitsangana***
- Malaina
- Anana
- Nay – Fia
- Dr – Ma (Miv)
- Rangahy
- Enina
- Sa – Atao
- Toby (Miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 267





**Mitsivalana**

**1.** Fanenjehana atao **2.** Fanekena – Mandray **3.** Mpisolo tena – Ao anaty fery **4.** Faran-teny – Meva **5.** Fonenanareo 6. Sakoroka **7.** Biby fiompy **8.** Dada – Foto-tenin'ny Mandika **9.** Mpanondro – Tampisaka – Kilan'ny afo **10.** Tsena – Naoty

**Mitsangana**

**A.** Kianja hilalaovana – Efatra **B.** Lavitra tsy hita maso – Sakafo – Iray sy iray **D.** Mandalina **E.** Hita amin'ny fery sy ratra – Renirano (Miv) **F.** Heloka – Feo miverina (Miv) – Fiandohan'ny atoandro **G.** Soa (Miv) – Lera (BR) **H.** Repoblika – Mampisafidy – Bibilava (Miv) **I.** Zanak'i Dada sy Mama – Mivazo (Miv) **J.** Noana – Firinga (Miv) K. Azo eo am-pelatanana (Miv – Aiza ?

### Valiny Teny mifanaraka 0266

__*Mitsivalana*__

1 Mitady - Rnm 2 . Adinareo 3. Ampio - Na 4. Voady 5. Aok(a) - Hono 6. Aingo - An 7. Af(o) - Sa - St 8. Tontosaina 9. An - Niato (Miv) 10. Vooray - Fo

__*Mitsangana*__

A. Mpanarato B. Fo D. Tapaka - Nao E. Ady - Antsy (Miv) F. Diovina G. Ny (Miv) - Soa H. Alahasaty I. RR - Do - Tia J. Nenina - Nif/y K. Maa - Ondana

## Deoteronomia 13:1

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 105), Madagasikara 23 janoary 2019

***Deoteronomia 13:1"Izay rehetra andidiako anareo dia tandremo mba harahina; aza ampianao izany, ary aza anesoranao.***
***Deoteronomia 13:5 "Manaraha AHY Jehovah Andriamanitrareo, ka matahora AHY, ary aoka ny didiko no hotandremanareo, ny feoko no hohenoinareo, ary aoka IZAHO no hotompoinareo sy hifikiranareo"***

Ry olombelona ô! Aoka tsy ho diso hevitra na diso fijery fa izao no fotoana tiako ny hahalalanareo ny fahamarinana rehetra avy AMIKO JEHOVAH, ***Isaia 43: 10-13*** *"Hianareo no vavolombeloko Jehovah, sady mpanompoko izay efa nofidiko, Mba hahafantaranareo sy hinoanareo Ahy ka ho azonareo tsara fa Izaho no Izy; Talohako dia tsy nisy andriamanitra voaforona, sady tsy hisy handimby Ahy. Izaho dia Izaho ihany no Jehovah Ary tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho. Izaho efa nilaza sy namonjy ary nanambara, ary tsy nisy hafa tao aminareo; Dia hianareo no vavolombeloko Jehovah, ary Izaho no Andriamanitra. Eny, hatramin'izary andro izany Izaho no Izy, Ary tsy misy maharombaka amin'ny tanako; Miasa Aho, ka iza moa no mahasakana izany?"*. Mba fantatrareo ve ry monina rehetra ambany masoandro ambonin'ny tany? Fa izao no fotoana sy taona ilazan'i Iosifera amin'izay manampofon'aina rehetra fa azy ny tany ary afaka manao izay tiany atao izy. **Lainga sy fitaka izany fa itaomany anareo hameno ny helo ireny ka samia mailo sy mitandrina fa ratsy izao fiainana izao ary miharatsy.** Aza adinonareo fa i Iosifera koa hamoaka ny lalàny, izay tsy mety amin'ny fiainana namoronako anareo ary izany dia amin'ny lafiny rehetra. Tiako koa ny mampahafantatra anareo olombelona fa maneran-tany izany programany izany. Dia hoy hianareo hoe misy vahaolana ve? Misy tena misy, ***Isaia 45: 11$^{b}$*** *"ary ny zanako sy ny asan'ny tanako dia aoka ho adidiko ihany."* Raha tsy miaraka AMIKO JEHOVAH, raha tsy manompo an'i JESOSY dia tsinontsinona ny fiainana. Manambola ve ianao? Manan-karena? manampahaizana? Manam-pahalalana? Reraka nohon'ny fiainana ve? Hoy hianao hoe : resy hianao. Inona no mampitanondrika? Sa tapin-dalan-kaleha fa izay rehetra atao tsy mety, tsy ahitan-bokatra? Idiran-trosa lava sy feno fatiantoka izay atao rehetra, very fanantenana ve? Tsy afaka ady sy fahoriana. Mahatsiaro mijaly sy diso hevitra sy voafitaka lava, tsy mahita andro mihiratra, tsy afaka aretina, malahelo lava, mahatsiaro voahilika, very toky, toa tsy misy olona mitia intsony, tsy vady, tsy zanaka hatramin'ny fianakaviana? Manalavitra va ny namana? Tsy manana anton'asa? Tsy misy fidiram-bola, voaendrikendrika, mahatsiaro irery sa mamoy fo? Very hevitra? Hoy ny Teny satria feno fanahiana sy tahotra ny fiainanareo ka tsy tsapanareo mihitsy ny tena FIAINANA, ***Deoteronomia 30: 19*** *"Miantso ny lanitra sy ny tany aho anio ho vavolombelona aminareo fa efa nataoko teo anoloanao ny fiainana sy ny fahafatesana ary ny fitahiana sy ny fanozonana; koa mifidiana ny fiainana, mba ho velona hianao sy ny taranakao"*. Aoka ny fiainana no ho safidinareo fa tsy ny fahafatesana. Ny fiainana dia JESOSY ary ny fahotana no fahafatesana. Mahagaga AHY JEHOVAH anefa fa halanareo JESOSY Izay nomeko anareo ny tena "fiainana". Raha toa ka hianao no iantefan'ireo voasoratra etsy ambony, aza kivy, aza matahotra fa aoka hianareo hanaiky sy hankato, ***Jaona 6: 33*** *"Fa ny mofon'Andriamanitra dia Ilay midina avy any an-danitra ka manome fiainana ho an'izao tontolo izao"* Ny sasany aza moa tsy mino, fa sady tsy mino, sady manimbazimba no miteny ratsy mihitsy. Kanefa anie hoy ny Teny, ***Jaona 6: 63-64*** *"Ny fanahy no mahavelona; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana. Fa misy ny sasany aminareo izay tsy mino. Fa fantatr'i Jesosy hatramin'ny voalohany izay tsy nino sy izay hamadika Azy"* **Tadidio raha misy tonga eo aminareo ankoatran'i JESOSY dia lainga sy fitaka izany.** ***Jaona 10: 10*** *"Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be."* JESOSY no manambara izany Teny izany ary dia mbola hoy IZY rehefa avy nampionona ny mpianatra sy nilaza amin'ny Fanahy Masina, ***Jaona 14: 6*** *"Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako."* Izany ny toky omeny anareo ka aoka hanatona AZY amim-pinoana, ***I Jaona 5: 12*** *"Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana."* Noho izany : efa nampianariko anareo ny fahamarinana, tena fiainana idiranareo. Afaka mamantatra ny sitrapoko JEHOVAH hianareo. Io ihany no Masina sy Marina, tsy hitako sady tsy fantatro hianareo raha any ivelan'izay programako. Kanefa mbola misy indrafo ka ekeo ihany. Inona izany? Amin'ny alalan'ny finoana an'i JESOSY fa IZY no Mpamonjy sy Mpanjaka dia tafiditra ao amin'ny Fanjakany hianao. Izany no dikan'ilay hoe : Fanasan'ny Tompo, izany hoe: mandray izay avy AMINY, mino ny Teniny, manaiky ny fampianarany, manompo AZY mba ho mpiray lova AMINY, mitory AZY, mampahafantara ny AMINY, manantena ny famonjeny, mino ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty, mihavana amin'ny olona rehetra, manaraka antsakany sy an-davany izay nolazainy rehetra. Hentitra mihitsy AHO JEHOVAH mamerina indray hoe: ny Fibebahana no mahatonga an'i JESOSY mamela heloka, irosoanao amin'ny Batisan'ny Rano sy ny Batisan'ny Fanahy Masina ary ny Batisan'ny AFO. Tafiditra avy hatrany ao amin'ny Fanjakana tokana ianao izay an'i JESOSY. Rehefa tonga ao hianao tsy mipetraka fotsiny, tsy miandry fotsiny fa miasa ary tena miasa. ***Matio 28: 18-20*** *"Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao."* Io no ASA sady LEHIBE , araka ny antso sy ireo fanomezam-pahasoavana isan-karazany.

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra ny vondrona TIM.K25 teny amin'ny Magro Tanjombato**







